

FILOHA RAVALOMANANA TANY AMPARY SY SOAVINANDRIANA

Manàna finoana sy fanantenana fa tonga ilay fotoana

Tany Ampary sy Soavinandriana faritr' Itasy omaly, ny kandida filoha Marc Ravalomanana N°05 amin'ny fifidianana filohampirenena ny 9 novambra ho avy izao. Toy ny fanaony dia nihaona sy nitafa nivantana tamin'ireo tant-saha eny ifotony ny filoha nasionalin'ny antoko TIM. "Midina ifotony aho mijery ny zava-misy marina iainan'ny Malagasy andavanandro, indrindra indrindra inareo tantsaha izay ianteheran'ny fampandrosoana an'i Madagasikara noho ianareo ivon'ny famokarana," hoy izy. Raha tsy mandroso ny tantsaha tsy handroso i Madagasikara, tsy vazaha no hahavita hampandroso ny tantsaha hoy ihany ny kandida laharana faha-5. Noho izany, sahia hanarina, raiso ny andraikitra eo an-tanana, ny dikany: tokony hahay hisafidy tsara. Manentana ny



Ny kandida filoha Marc Ravalomanana, tany amin'ny faritr'ltasy omaly.

rehetra hifidy aho arak' izany hoy ny kandida filoha Marc Ravalomanana. Manàna finoana sy fanantenana fa tonga ilay fotoana. Ankoatra izany, tsy amelanay kandida 11 ny fahamarinana raha tsy azo: hamboarina ny CENI sy ny HCC. Amin'ity herinandro ity dia ho hita eo

ny mahakasika izany, satria nihaona amin'ny avy amin'ny Firenena Mikambana izahay 11 amin'ny alarobia, izany hoe rahampitso. Momba ny firaisankina amin'ny fifidianana io ihany, ny TIM no nanolotra ahy hoy izy, nefa tsy vitan'ny Tiako i Madagasikara irery izany,

izay no tsy maintsy ampijoroana ny KMMR hidiran'ny olona rehetra hafa: ny mpitondra fivavahana, ny mpandraharaha, ny mpitsara, ny mpiasampanjakana, ny olon-drehetra tsy ankanavaka,... izay antoka hitondra ho amin'ny fandresena.

Isambilo

Fifidianana

Nosokafana ny saboty teo ny foiben-toeran'ny KMMR Ivato

Nosokafana ny saboty teo ny foiben-toeran'ny KMMR, na ny Komity Manohana ny Filoha Marc Ravalomanana teny Ivato distrikan'Ambohidratrimo. Teo ambany fanamoran'ny solombavambahoaka Mamy Rabenirina, sy ny solontenan'ny KMMR Nasionaly Vonjy Raharinisa, no nanatontosana ny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy ny foiben-toeran'ny KMMR Ivato io. Natao indrindra izany handraisana ireo vonona hiaradia, hanatevin-daharana,

hifanolo-tanana hanohana ny filoha Marc Ravalomanana N°05 amin'ny fifidianana filohampirenena ny 9 novambra ho avy izao. Ny fidirana amin'ny KMMR dia tsy anavahana na olon-tsootra, na fikambanana na antoko politika, na antokom-pinoana fa tsimilom-jafy izany hoy ireo tompon'andraikitra. Nirosoana tamin'izany koa ny dinika ho amin'ny fananganana ny birao mpandrindra isan-karazany.

Stefa



Ny fanokafana ny biraon'ny KMMR teny Ivato.

Fifidianana. Fiarahamonimpirenena Safidy

Hametraka mpanara-maso eo amin'ny 1 alina manerana ny Nosy

Tanora 30 avy amin'ny fikambanana firaisamonimpirenena eny ifotony, mivondrana ao amin'ny SAFIDY, izay miandraikitra ny distrika sy kaominina ao amin'ny faritra Menabe, no nahazo fiofanana nandritra ny 3 andro: natao ny 20 ka ahatramin'ny 22 septambra tao Morondava faritra Menabe, izay nampahafantarana azy ireo ny andraikitra ny mpanara-maso ny fifidianana, sy ireo didy aman-dalàna mikasika ny fifidianana. Miezaka ny avy eo anivon'ny SAFIDY mametraka ireo mpanaramaso eny anivon'ny biraom-pifidianana, mba hisorohana ny fandikan-dalàna eo amin'ny fifidianana,

isan'ny tanjon'ny Safidy ny hametraka mpanara-maso eo amin'ny 1 alina manerana ny Nosy. Aorian'izao fampiofanana izao dia hampiofanana ireo mpanaramaso eny ifotony indray ireto tomponandraikitra eo anivon'ny distrika sy kaominina ireto, izay nahitana solontena avy amin'ireo distrika 5 mandrafitra ny faritra Menabe araky ny nambaran'i Harnel Rakotobe mpampiofana. Nanambara ireo mpiofanana araky ny nambaran'i Yolande Rakotomalala tompon'andraikitra ny fanarahamaso Safidy ao Miandrivazo, fa manana adidy sy andraikitra ny tanora amin'izao fifidianana izao ary saropady ny fifidianana ka mila ny fandraisan'andraikitra ny rehetra, izay no nahatonga azy nanolotena hiara-hiasa amin'ny Safidy hanaramaso ny fifidianana. Tokony hijoro ny rehetra ary hifanome tanana, mba hisian'ny fifidianana marina sy mangarahara ary eken'ny rehetra hoy Vingo Hefageor Vohanson, mpandrindram-paritry ny Safidy ato Menabe, ka manentana ny rehetra izy mba hiarahisalahy amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana, ka ho sahy hitoroka raha mahita fandikan-dalàna mandritra ny fifidianana, manomboka izao sy mandritra ny fampielezan-kevitra ary ny andron'ny fifidianana sy aorian'ny fifidianana, satria dia saropady ny safidin'ny vahoaka ary manana anjara amin'ny fametrahana ny fifidianana madio sy eken'ny rehetra hialana amin'ny krizy ateraky ny fifidianana.

Rajepa



Fiofanana momba ny fanaraha-maso ny fifidianana tany Morondava.

Ny Valosoa sy fakafaka

Firaisankinan'ny kandida 11 Fihonana goavana ao amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena ny zoma izao

Hanao fihonana goavana ao amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena sy ny kolontsaina Mahamasina ny zoma izao, ny Firaisankinan'ireo kandida miisa 11, nanambara ny mpitondra tenin'izy ireo omaly, ny kandida Hajo Andrianainarivelo fa :” hamory ireo mpiara-dia aminay ao amin'ny "Palais des Sports" Mahamasina izahay Kandida ny Zoma ho avy izao. Androany dia napetraka tety amin'ny Prefektioran'Antananarivo ny taratasy fangatahana alalana hanatanteraka izany.

Mametraka fanantenana amin'ny maro izao fivondronan'izy ireo izao.

Hita ankehitriny fa ny fivondronan' ny kandida sy ny solombavambahoaka ary ireo manam-pahefana samihafa, administratera sivily,... no hery sy tanjaka ho an'ny firenena izay ahitana mponina marobe voafahan-dalitra. Tafiditra ao anaty hantsanaialina tokoa ny vahoaka nefa mila entanina koa mba hanatanteraka ny anjarany amin'ny fotoam-pifidianana, ka hifidy izay mety sy mahaso ary azo antoka.

Ny mibahana ny sain'ny maro dia ny hoe: ny eo ihany no eo, tsy azo inoana ny voka-pifidianana satria ny olon-dRajoelina avokoa ny ankamaroan'ireo eo amin'ny Ceni, Hcc sy ny sisa, miampy ny fitondrana vonjy maika izay efa napetraka tamin'ny tsy rariny teo. Ny tokin'aina farany dia ny hoe: raha nilaza ny Ceni fa hampiofana mpanaramaso akaiky ny fifidianana avy amin'ny olon-drehetra tsy miankina amin'ny kandida na ny antoko misy azy ireny, dia mbola manamafy ny rehetra fa omeo ny Ffkm sy ny fiangonana zandriny ny raharaha toy ireny, mba hahafahan'izy ireo mandray ny andraikiny sy ny fahamarinana manodidina izany manerana ny biraom-pifidianana sy ny eny amin'ny Ceni foibe rehefa manisa vato.

Ny toky farany hitan'ny vahoaka, dia ny fahitana ireo kandida 11 na ireo solontenany, miara-dalana manatona ny filohan'ny Antenimierandoholona, ny Ffkm, ny filohan'ny Hcc, ny fiarahamonim-pirenena,... maneho firaisankina manohitra ny tsy rariny amin'ny lalàna mipetraka sy hampiharina, antoka hirosoana amin'izany fifidianana izany sy fanehoana amin-dRajoelina nina ho vazaha Frantsay, fa tsy matahotra azy ireo kandida 11 hafa, ary mba tsy ho heno ny hoe tsy maintsy ny anay hatrany no tafaverina eo, nefa misy ny fivondronan'ireo kandida hafa ary misy ihany koa ny angaredon'ny solombavambahoaka, dia efa mamporisika ny vahoaka hanao ny adidiny ihany koa amin'ny 9 novambra, ka maha-tonga azy ireo hilaza fa aleo hifidy. Tokony homena fahalalahana ny kandida tsirairay hampiasa ny haino amanjerim-panjakana, ary indrindra ny fampiasana angidimby malalaka rehefa hanao fampielezan-kevitra.

Beharo

TONOKALO

Tsy irina ny hiverenany

Mandalo vaninandro sarotra ny fiainam-pirenena . Indro anefa Rainilainga lasa nampidan-tena, Ka namonjy ilay voalaza fa hoe firenena tiany Sy efa hoe nanakalozany ny zon'ny tany niaviany.

Asa raha mipaika ny ora izay hisian'ny fifidianana, Raha ho sahy hiverina izy ka hanao V amin'ny tanana, F'efa be no tonga saina ireo vahoaka malagasy, Ary vonona hanilika ity vazaha taratasy !

Toa tsy amakiany loha ny gasy sy ny fahantrany, Fa aleony miala sasatra any ampita lavitra any . Miandriandry toromarika amin'iretsy be giradiny, Sy avy amin'ireo mpitsara izay voavidiny ambogadiny !

...Tena asa raha hiverina na hoe kaontin'ny nandositra, Ity ilay raikalaha mpanimba sady kilasiana ho fositra, Fa hatreto aloha ny maro dia maniry sy mivavaka, Mba tsy hiverina eto intsony ity mpamarina any an-davaka!

DADAN'i RIANA (23-09-23)